


FANOVANA

MIFOTOTRA

AMIN'NY FAHAMARINANA

ANDIANY 4



**FANAMBADIANA &
ANKOHONANA
TOROLALANA HO AN'NY
MPIANATRA**

Lesona 1: Andraikitra ny Lahy sy Vavy

Andraikitra ny Lahy

Vakio 1 Kor 13:4-8, Filip 2:1-8 sy Jao 13:2-17 ary valio ireto fanontaniana manaraka ireto:

- 1 Manao ahoana avy ny famaritan'ireto andalan-tsoratra masina ireto ny fitiavan' Andriamanitra?
 - 1 Kor13:4-8
 - Filip 2:1-8
- 2 Manahoana ny tokony hanehoan'ny Lehilahy ny fitiavany ny vadiny araka ny fomba voalaza ao? Ao amin'ny vondrona misy anareo, mitadiava fomba 10 azo ampiharina tokony hataon'ny Lehilahy hanehoany io karazam-pitiavana io ho an'ny vadiny.
- 3 Raha mitondra ny vadiny araka ny ampianarin'ny Baiboly ny Lehilahy, inona no mety ho fiantraikan'izany amin'ny fanambadiana?

Andraikitra ny Vehivavy

Vakio Gen 2:18,20, Deot 33:29, Efes 5:22, 24, 33.

- 1 Inona avy ireo fomba atao hahatonga ny vehivavy ho "Mpanampy" ary hanehoana fankatoavana sy fanajana araka an'Andriamanitra amin'ny vady? Ao anaty vondrona, miezaha mitady ohatra 10.
- 2 Inona no fiantraikan'izany amin'ny fanambadiana raha manao izany rehetra izany ny vehivavy?
- 3 Inona ny fiantraikan'ny tsy fanaovan'ny vehivavy ny anjara asany araka ny famaritan'ny Baiboly azy?

Lesona 2: Lahatsoratra momba ny Fitiavana sy Fanajana

Ny ankamaroan'ny olona dia samy manaiky fa tsy mora foana ny fanambadiana. Indraindray dia hita fa tena sarotra dia sarotra izany. Ny vady dia tokony ho namana faran'izay akaiky indrindra ary mpanohana lehibe indrindra ambonin'ny tany. Fa tsy izany foana anefa ny zava-mitranga. Matetika dia mifandratra sy miady. Nahoana no mora mitranga ny fifandirana ary ahoana no atao hialana izany?

Andriamanitra dia nanomana valiny ho antsika ao anaty Baiboly. Iray amin'ireo teny fanalahidy ho an'ny fanambadiana ny hita ao amin'ny Efes 5. Betsaka ny kristiana mahalala io toko io nefa ndao hojerena indray ny andalana farany:

*Na dia izany aza, samia tia ny vadiny tahaka ny tenany ianareo lehilahy rehetra,
ary aoka kosa ny vavy hanaja ny lahy. Efes 5:33*

Didy tsotra roa no nomena antsika, ny iray ho an'ny lahy ary ny iray ho an'ny vavy. Ny lehilahy Tiava ny vavy. Ny vehivavy manajà ny lahy. Nahoana no eritreretina fa samihafa ireo? Nahoana no lazaina fa tokony hitia ny lahy ary tokony hanaja ny vavy? Satria fantatr'Andriamanitra isika. Fantany mazava tsara ny zavatra ilaintsika. Fantany tsara fa ny Lehilahy mila fanajana ary ny Vehivavy kosa mila fitiavana. Mila fitiavana koa ny Lehilahy ary ny Vehivavy mba mila fanajana fa aleon'ny Lehilahy kokoa fanajana ary aleon'ny Vehivavy kokoa fitiavana.

Ho an'ny Vehivavy dia mety ho vaovao manafintohina ihany izy ity. Ny ankamaroan'ny Vehivavy dia mihevitra fa ny Lehilahy, tahaka azy ihany, dia mila fitiavana fotsiny. Ny matetika mitranga koa dia mifantoka amin'ny fitiavana ihany ny fampianarana misy. Ny fampianarana ny Vehivavy hanaja ny vadiny dia toa hadino foana. Ny vehivavy dia mihevitra fa ny Lehilahy dia te hotiavina kokoa noho ny hoe te hajaina. Nefa tsy marina izany.

Raha mijery ny manodidina isika dia hahita ohatra maro ny amin'ny Lehilahy mila fanajana sy ny Vehivavy mila fitiavana. Ao amin'ny Miaromila, izay asa matetika ataon'ny Lehilahy, dia ny fanajana sy fanomezam-boninahitra no zava-dehibe. Maniry ny hisondrotra grady ambonimbony kokoa ny Lehilahy hahazoany fanajana bebe kokoa. Ny toe-po tsy misy fanajana dia tsy azo ekena any. Ny tsy fitiavana ny lehibe mpibaiko dia mety tsy hampaninona. Ny Mpibaiko dia tsy maniry ny hotiavina fa maniry kosa ny hohajaina.

Mifanila amin'izay, raha mijery ireo gazety boky ho an'ny Vehivavy isika dia hahita fa ny ankamaroan'izy ireny dia mifantoka amin'ny faniriana mba ho tiana, manao izay hahatonga ny tena hahatehotia kokoa. Ny Vehivavy dia manao izay azony atao rehetra hahatonga azy ho tiana bebe kokoa. Ny tahotry ny vehivavy ambony indrindra dia ny tsy ho tian'ny olona. Tsy sahala amin'izany ny Lehilahy. Ny tahotry ny lehilahy ambony indrindra dia ny tsy hahazo haja.

Raha te hahita ny fanambadiana hihatsara isika dia tokony hataontsika azo antoka fa nankatoavintsika ireo didy fototra tsotra ireo. Ry Lehilahy, tiava ny vadinareo, ry Vehivavy manaja ny vadinareo.

Fanambin'ny fifandraisana

Mba hahatanteraka izany dia misy zavatra hafa koa tokony ho azontsika tsara dia ny fifandraisana. Ny Lehilahy sy ny Vehivavy dia samy mampita ny faniriany hotiavina sy hohajaina amin'ny fomba samihafa tanteraka. Ny zavatra lazain'ny Vehivavy matetika dia samihafa amin'izay henon'ny Lehilahy. Ary izay ezahin'ny Lehilahy ampitaina dia tsy araka izay henon'ny Vehivavy.

Fantatrao ve fa ny fomba entin'ny vehivavy mampita ny tsy fahatsapany tiana dia matetika mahatonga ny lehilahy tsy hahatsapa voahaja? Ary ny fomba entin'ny Lehilahy mamaly izany rehefa tsy mahatsapa fanajana izy dia mahatonga ny vehivavy vao mainka tsy hahatsiaro tiana? Misy olona miantso an'io tranga io hoe "Sangodina adala" Samy te ho tiana sy hajaina hefa ny fomba entina mampita izany no mahatonga ny andaniny sy ankilany hahatsapa ny mifanohitra amin'izany.

Antsoina hoe fahadalana izany raha tohizantsika atao ihany na dia hita fa tsy mety aza ka ratsy ny vokany. Hita fa tsy mandeha izany! Mila manova famindra isika rah ate hahita fiovana ka ny Lehilahy hahatsapa fanajana ary ny Vehivavy hahatsapa tiana.

Hanampiana antsika hahazo an'izany bebe kokoa dia ndeha hijery an'ity sombin-tantara ity isika:

Tena mafy iny herinandro niasana tany an-tanimboly iny. Tena namaivay ny masoandro ary tena tsy zaka ny hafanana eny an-tanimboly satria zara raha mba misy ialofana.

Nientanentana anefa I Van fa hody tsy ho ela ary hahita ny vadiny. 10 andro izy izao no tsy tao an-trano ary dia hita fa tena ela dia ela izany lavitra fianakaviana izany. Raha niakatra ny lalana mody izy dia nanantena ery fa ho sahala amin'izany fientanentanany izany koa ny fientanentanany ny vadiny hahita azy.

Tao an-trano I Thuy, reraka dia reraka izy nikarakara ny ankizy tsy nisy nanampy. Izy ireo amin'izany somary nanahirana azy be ihany ny toetrany. Tena naniry mafy ny hahatongavan'ny vadiny izy. Niantso azy mialoha izy hampahatsiaro fa tokony hitondra ronono ho an'ny zazakely satria tsy mba afaka nivoaka noho ny fahasarotan'ny fitondrana azy ireo. Tena nanantena fatratra I Thuy fa tsy ho ela dia ho tonga ao an-trano ny vadiny satria ny zaza efa sorena noho ny tsy fisian'ny sakafo homena azy intsony.

"Efa tonga aho," hoy Van.

"Tonga tokoa," hoy Thuy "Aiza ny rononon-jaza?"

"Oh," hoy Van "tena hadinoko, be loatra ny zavatra tsy maintsy notadidiko androany."

"Fa nahoana kosa no dia manao an'izao ianao e! Henon'iThuy fa niakatra ny feony, "Inona ary no hohanin'ny zazakely androany?"

"Tsy manana zavatra hafa angaha ianao ao? Moa ve tsy afaka mihinana izay hoanintsika izy e?"

"Aiza kosa e, tianao harary angaha io zaza io? Mbola zazakely anie io e. Indraindray dia hitako mihitsy fa ny namanao no karakarainao kokoa noho ny ankohonanao. Tsy ary hadinonao ny andeha hisotro kafe miaraka amin'izy ireo."

"Tsy maninona izany e, Ndeha hijery aho" hoy Van niteny mafy sady nandeha haingana namonjy varavarana. Ny fifaliana nananan'izy roa mikasika ny fihaonany indray dia nanjavona sahady ary nisolo ratra sy hatezerana.

Mety ho samihafa ny endri-javatra mitranga ao an-tranontsika nefa ny adihevitra matetika dia mitovy ihany. Mila mianatra mijery ny ao ambadik'izay voalaza isika mba hahafahantsika mahazo ny

zavatra mitranga. Ny tsara hotadidintsika dia ny hoe “fitiavana” ho an’ny Vehivavy ary “Fanajana” ho an’ny Lehilahy. Raha manomboka malahelo na diso fanantenana ny vehivavy dia midika izay fa tsy mahatsiaro tiana izy. Raha manomboka tezitra sy tsy te hiteny ny lehilahy dia matetika noho ny fahatsapany fa tsy voahaja izy.

Ndao hijery tranga iray hafa indray amin’ny alalan’io “fitiavana” sy “fanajana” io.

Hadinon’I Van ny ronono ho an’ny zazakely. Olana kely izany ary tsy tokony hitarika ady hevitra lehibe. Afaka miverina any amin’ny mpivarotra I Van mividy dia voavaha ny olana. Matetika dia mampikorontana ny sain’ny lehilahy ny mahita zavatra kely nefa toa lasa nalehibeazina. Ny tian’I Van hotakarina dia izao: “nahoana no mahatonga an’I Thuy tsy hahatsiaro tiana raha hadinony ny nividy an’ily ronono?” Zavatra tokana no nangatahin’I Thuy ary I Van efa ela no tsy tao an-trano. Nahoana no tsy vitany ny nitadidy an’io zavatra tokana io? Hadinony koa ve I Thuy? Tena tsy manan-danja tokoa amin’I Van tahaka izany ve I Thuy? Feno fitsikerana ny valin-teniny: “Nahoana no nanao izao ianao?” Tsy tonga dia azon’I Van hoe tsy mahatsiaro tiana I Thuy. Ny fahasorenany fotsiny no hitany ka mahatonga azy hahatsapa tsy voahaja. Sorena koa izy vokat’izany. Fahadisoana tsotra izao izy io ary tsy nanao fanahy iniana hanadino ronono I Van. Ary satria tsy niezaka naneho fitiavana azy I Van dia mbola nitohy ihany ny fitsikeran’I Thuy: “Tsy mikarakara anay mihitsy ianao, ny namanan’ny mbola karakarainao kokoa” Eto dia mitombo ny fandratrana ataony, tsikera ny hatramin’ny toetrany. Tiana haseho amin’ny vadiny miharihary ny ratram-pony sy ny tsy fahatsapany tiana.

Etsy an-danin’izany I Van dia namaly an-katezerana ary lasa nandeha. Tena tsy nahatsiaro tena ho voahaja izy noho ireo fitsikerana maro nataon’I Thuy. Tena tsy mampino azy ny fahasahan’I Thuy hilaza zavatra sahala amin’izany. Nahoana no tsarainy hoe tsy mikarakara azy ireo I Van nefa izy nandeha niasa nandritra ny herinandro hamelomana ny ankohonany? Niala teo haingana izy mialoha ny hitenenany zavatra mety hanenenany avy eo na koa hoe hahakasi-tanana azy. Tsy azon’ny vehivavy matetika ny mahatonga ny lehilahy tsy mety hiresaka na lasa mandeha rehefa tsy mahatsapa voahaja. Ny vehivavy koa anefa tsy mino mihitsy ny tsy firaharahian’ny lehilahy ka mahatonga azy tsy hamaha ny olana. Ny vehivavy dia tia miteny, raha manana olana amin’ny namany vehivavy hafa izy, miresaka izy ireo dia mivaha ny olana. Fa ny lehilahy kosa dia lasa mandeha, ka izany no mahatonga ny vehivavy hihevitra fa tsy tena tia azy ny vadiny noho izy tsy hiezaka hamaha ny olana fa lasa mandeha. Miakatra ny fahatsapan’izy ireo ho tsy tiana. Ny tokony ho azon’ny vehivavy dia ny hoe: lasa mandeha ny lehilahy satria maratra sy tezitra izy. Tsy hainy matetika ny fomba entina mamaly ny fitsikerana na koa hoe tsy azony antoka na hifanaraka tsara amin’ny olana mitranga ny valibteny omeny. Lasa miala eo anatrehan’ny izy satria mitady izay hiarovana anao, satria tiany ianao!

Lasa nandeha I Van nefa sady manontany tena ihany hoe nahoana no dia lasa olana be ilay ronono. Ny tsara ho fantatry Van sy ny lehilahy rehetra dia izao: tsy ny ronono tsy azo no tena olana fa ny tsy fahazoan’I Thuy antoka ny fitiavan’I Van. Tiana raha mba niaiky marina ny fahadisoany izy ary nangataka famelana ny amin’izany nefa satria nahatsiaro voatsikera sy tsy voahaja izy dia namaly an-katezerana. Ny zavatra mahatsikaiky dia izao: samy tsy mahandry ny hifankahitany anie izy ireo e, ny nampalahelo anefa dia ny tsy fahatanterahan’ny hariva mahafinaritra nomanin’izy ireo ary lasa lany amin’ny fifampitezerana io hariva io.

**Rehefa malahelo na
tezitra ny vehivavy,
midika izany fa tsy
mahatsiaro tiana izy. Etsy
andanin’izany, raha
manomboka tezitra ny
lehilahy na tsy mety
hiteny, dia matetika noho
ny tsy fahatsapany tena
ho voahaja.**

Samihafa ny fahitan'ny lehilahy sy ny vehivavy ny zavatra mitranga. Raha vehivavy ianao dia mety ho nalahelo an'I Thuy. Irery tao an-trano nandrintra ny folo andro izy. Nila fanampiana izy. Raha lehilahy kosa dia nomba an'I Van. Reraka izy nandritra ny herinandro be izao niasa tany an-tsaha hamelomana ny ankohonany. Hadinony fotsiny ilay ronono. Mba azon'I Thuy an-tsaina ve fa nataon'I Van io asa rehetra io, ho azy sy ny ankohonany!

Mora ny malahelo ny olona mitovy amin'ny tena satria azontsika ny fomba fijeriny. Ny vehivavy mahazo ny fomba fisainan'ny vehivavy. Ny samy lehilahy koa tahaka izany. **Nefa raha te hanana fanambadiana sambatra isika dia mila mahazo bebe kokoa ny fomba fisainan'ny hafa noho ianao.** Ny vehivavy dia mila mahazo fa ny fitsikerana dia midika tsy fanajana ho an'ny lehilahy. Ny lehilahy koa dia mila mahatakatra fa raha mitaraina na mitsikera na mitomany ny vehivavy dia noho ny tsy fahatsapana fitiavana.

Araka ny hitantsika amin'io dia lasa tsingerina manadala io toe-javatra io. Arakaraka ny tsy fahatsapan'ny vehivavy fitiavana no hitsikerany bebe kokoa. Arakaraka ny hitsikerany sy hitarainany koa anefa no hahatsapan'ny lehilahy tsy fanajana ka mahatonga azy tsy haneho fitiavana ny vadiny.

Ny tsiambaratelon'ny fanambadiana sambatra dia ny fampitsimbadihana io tsingerina io. Mila mandeha amin'ny fankatoavana an'Andriamanitra isika na mora na sarotra izany. Aoka hotadidintsika ny Efes 5:33. Ny lehilahy tokony hitia ny vadiny ary ny vehivavy tokony hanaja ny vadiny. Izay no baikon'Andriamanitra.

- Ho an'ny Vehivavy – miezaha mitadidy ny hoe mahatsiaro tsy voahaja ny lehilahy rehefa mitsikera sy mimenomenona isika. Raha lasa mitsoaka sy miteny henjana izy ireo dia satria tsy mahatsiaro fanajana. Manontania tena ny amin'ny zavatra hotenenina sy hatao na feno fanajana na tsia izany.
- Ho an'ny lehilahy – miezaha mitadidy, raha sendra mitaraina na mitsikera ny vadinao, dia tsy mahatsiaro tiana izy izay. Raha mitsoaka na miteny henjana ianao dia vao mainka mahatonga azy tsy hahatsapa fitiavana izany. Alohan'ny hihetsehanao na hitenenanao dia manontania tena hoe; izao fihetsika na zavatra lazaiko izao ve hahatsapana fitiavana sa mifanohitra amin'izany.

Lesona 2: Ekeo ny fahasamihafana

1. Isaky ny lohahevitra resahana dia asio "X" eo ambony tsipika mifanandrify amin'ny valin-teninao.
2. Isaky ny lohahevitra resahana dia asio "O" eo ambony tsipika mifanandrify amin'ny valin-teninao.

Tsy fitovian-kevitra		
Vahana haingana	_____	Aleo milamina
Vola		
Mandany	_____	Mitahiry
Olona		
Mandany fotoana miaraka amin'ny hafa	_____	Mandany fotoana irery
Fandaminana		
Mandrindra sy manatanteraka izany	_____	Mahita hevitra am- pandehanana
Fahamarinam-potoana		
Tonga mialoha	_____	Tonga ara-potoana na tara
Fialam-boly		
Mivoaka	_____	Mijanona an-trano
Fatoriana		
Tara	_____	Mifoha maraina
Fanatanjahan-tena		
Marisika	_____	Tsy miraika
Fiakanjo		
Tsotra	_____	Manara-penitra
Filaminana		
Tia milamina	_____	Mikorontana
T.V.		
Avela handeha foana	_____	Ario any

Inona avy koa ireo zavatra hafa mety miteraka fifandirana amin'ny fifandraisanareo?

3. Samia maneho izay voasorany amin'ny taratasy ary mifanakaloza hevitra:
 - a. Mba azonao amim-pahitsiana ve ny valim-panontanian'ny hafa? Sa nisy valin-teny nanaitra anao ihany?
 - b. Nitovy foana ve ny valin-teninareo mivady na ianareo mpinamana amin'ny lohateny tsirairay?
 - c. Sehatra inona no itovizana ary mora ifanarahana?
 - d. Ary sehatra manao ahoana no tena maha samihafa?
 - e. Lohahevitra manao ahoana no tena mampisy fifandirana aminareo ao an-tokan-trano?
 - f. Miresaha ny amin'izay fomba mety hitantanareo ireo sehatry ny fahasamihafana eo aminareo.
 - g. Ahoana no hampiasanareo ny herin'ny tsirairay hanangananareo ny fanambadiana n any fifandraisanareo?

Raha tsy mbola ela no nifanambadianareo dia azo antoka fa ho betsaka ireo sehatra tsy itovizanareo. Aleo miezaka ny hamantatra izay herin'ny hafa ka manampy azy amin'ny fahalemeny toy izay hiezaka hanova azy.

4. Manaova rindran-damina hiatrehana ireo sehatra tsy itovizana. Mifidiana sehatra roa tsy itovizana ary arafeto ny lamina entinao hanova azy.

Ohatra 1 – Vola

Raha tia mandany ny vadinao nefa ianao tia mitahiry, dia manaova lamina mikasika ny fandanianana sy ny mba hisian'ny tahiry. Azo atao ny mifanaiky hitahiry lelavola “izao” ariary nefa koa afaka mandany vola “izao” ariary ho an'ny fandanianana ao an-trano ramatoa mandritra ny herinandro na iray volana araka izay ifanarahanareo.

Ohatra 2 – Fialantsasatra

Raha mijanona ao an-trano no mety hakanao aina nefa ny vadinao te hivoaka any ivelany, dia mifanaraha ny ami'izay mety hahafaly anareo miaraka. Afaka mifanaraka mba miaraka mivoaka indray alina amin'ny herinandro iray na koa mijanona ao an-trano indray alina amin'ny herinandro manaraka. Na koa indray na indroa isan-kerinandro no afaka mandeha mivoaka ny iray aryny iray mijanona ao an-trano.

Ny lamina ataonay:

1.

2.

Lesona 2: Mamaha olana vokatry ny tsy fitoviana

Vakio ny an-dalan-tsoratra masina tsirairay sy ny fitsipika

Andalana	FITSIPIKA MANAN-DANJA LEHIBE
Mat 7:3-5	Ataovy azo antoka fa miaiky ny fahadisoanao ianao, aza maika ny hanondro ny fahadisoan'ny hafa
Mat 18:15	Resaho mitokana aloha ny olana fa tsy eny imason'olona hafa indrindra ny ankizy
Ohab 15:1	Mifanakaloza hevitra ny amin'ny fifandirana am-pahatoniana. Mifidiana fotoana mampatony anareo roa. Raha tezitra ianao dia ahemory ny fifanakalozan-kevitra
Kol 4:6	Lazao mazava ny tianao hambara nefa tsy mitsara ny ankilany
Fil 2:3	Mifampihainoa. Miezaha manakatra izay tian'ny ankilany holazaina. Mety hanana ny marina izy fa ianao no diso.
Efes4:26	Rehefa voalazanao izay tianao ambara dia aoka izay, aza miezaka hanova ny zavatra eritreretin'ny hafa. Indraindray dia tokony manaiky am-panajana fotsiny mba tsy hisian'ny fifandirana. Raha afaka natao am-pitiavana izany dia hisy ny fandriam-pahalemana.

Fifanakalozan-kevitra:

- Inona amin'ireo fitsipika ireo no mora indrindra amina ny manao azy mandritra ny fifandirana?
- Inona amin'ireo fitsipika ireo no sarotra indrindra amina ny manao azy mandritra ny fifandirana?

Mamorona anjara lalaovina

Mifidiana fifandirana mateti-pitranga amin'ny fanambadiana ary aseho ny fomba entina mandravona izany amin'ny fampiasana ireo fitsipika ireo.

Lesona 3: Mamantatra ireo ratra

“Ary amin’izany, raha mitondra ny fanatitrao ho eo amin’ny alitara ianao, ary eo no mahatsiaro fa ny rahalahinao manana alahelo aminao, dia avelao eo anoloan’ny alitara ny fanatitrao, ka mandehana aloha, ataovy izay hihavananao amin’ny rahalahinao, ary rehefa miverina ianao, dia vao atero ny fanatitrao. Mat 5:23-24

Fandinihan-tena manokana

Mangataha amin’Andriamanitra hanehoany aminao raha misy fomba nandratrianao ny vadinao (raha tsy manambady ianao dia mieritrereta namana akaiky na olona ao amin’y fianakaviana) Mieritrereta ny amin’ireto sehatra manaraka ireto ary soraty izay hevitrao:

- Misy zavatra ve tokony ho nataonao nefa tsy vitanao ka tokony hataonao?
- Misy zavatra nataonao ve na mbola eo am-panaovana azy ianao nefa tsy tokony hataonao akory?
- Misy zavatra ilain’ny vadinao ve nefa tsy niezaka mihitsy ianao nitady fomba hanomezanao izany azy?
- Misy zavatra mandratra ve noteneninao?
- Misy fanehoam-pitiavana na fampaherezana tokony nataonao nefa tsy vitanao ve?

“Ary raha manota aminao ny rahalahinao, dia mankanesa any aminy, ka rehefa mitokana ianareo roalahy, dia aseho azy ny fahadisoany.” Mat 18:15

Fandinihan-tena manokana

Misy fomba ve nahatsapanao ratra avy amin’ny vadinao? Mety ho fantatra na tsy fantatry ny vadinao ve fa nandratri anao izy.

Fampiharana

Mivavaha ary manapaha hevitra hanomboka hiresaka ireo zavatra ireo miaraka amin’ny vadinao amin’ity herinandro ity.

Lesona 3: Ireo dingan'ny fiaikena heloka

Ireo dingana fiaikena heloka hanarenana indray ny fifandraisana raha nandratra ny hafa aho:

1. **Miaiky amin'Andriamanitra** – Raha nandratra ny namantsika isika dia tsy fankatoavana an'Andriamanitra izany. Mila manatona azy isika miaiky izany ary mangataka ny famelany noho ny fahadisoana nataontsika. Ny fanekentsika ny famelan-kelok'Andriamanitra no hanome antsika fo manetry tena hiaiky sy hitsotra ary hifona amin'ny hafa.
2. **Miaiky heloka amin'ny olona nanaovana fahadisoana tsy misy fialan-tsiny**– matetika rehefa miaiky isika dia te hanazava ny antony nanaovantsika an'io fahadisoana io. Izany anefa dia manasarotra ny famelan'ny hafa ny helotsika.

Ohatra 1

Manome tsiny: Fantatro fa nitsikera anao teo imason'ireo namananao aho omaly nefa tsy nanao izany aho raha tsy nanao izay nahatara antsika efa ho adiny iray ianao.

Mitsotra: Nandratra anao ilay nitsikerako anao teo imason'ny namananao omaly, tena tsy mety izany nataoko izany.

Ohatra 2

Manome tsiny: Fantatro fa nandratra sy teny mafy ny nataoko anao omaly alina, nefa tokony hotadidinao fa notsikerain'ny mamanao be loatra aho tato ho ato ary izaho koa reraky ny asa.

Mitsotra: Tena tia tena sady tsy mitsinjo ny hafa ny fanaovako teny mafy mandratra anao omaly alina. Malahelo aho nandratra anao.

Ampitahao avy ireo ohatra eo ambony ireo. Ilay fomba manao ahoana no havelanao heloka?

3. **Manehoa fanenenana ny amin'ny zavatra nataonao** – Ataovy azo antoka tsara fa voalazanao mazava ny zavatra anenenanao ary aseho ny alahelonao mikasika izany. Mitenena zavatra sahala amin'izao “tena manenina aho nanao an'izao taminao” na “tena tsy mahazo aina mihitsy aho nahavita an'iny taminao”
4. **Mangataha famelan-keloka**– Mila azontsika honona tsara fa ilaintsika ny famelan-keloka. Mety mbola tsy vonona hamela heloka eo no ho eo ilay olona, noho izany dia mila maharitra kely isika. Mivavaha mba hanampian'Andriamanitra ilay olona hamela anao. Tsy tokony hatao ny manery azy hiteny fa mamela anao izy nefa tsy vokatry ny fony izany.
5. **Manovà toetra** – Tsy ampy ny miaiky sy manenina ary mangataka famelana raha tsy miomana ny hiova isika ka mitohy mamerina ny lesoka teo aloha hatrany. Isan'ny fanarenana ny fifandraisana ny fanaovanao azo antoka ny fahavononanao sy ny fanapahanao hevitra hanova toetra. Miezaka araka izay tratry ny herinao ianao ny tsy hamerenanao an'iny hadisoana iny intsony.
6. **Ekeo ny vokany** – Mety haka fotoana vao afaka mamela anao ilay olona. Mila manana faharetana ianao ary mangataka an'Andriamanitra hanampy azy hamela anao. Ny ratra dia mety manimba ny fahatokiana eo amin'ny fifandraisana. Tokony ho azonao fa ny vadin'ao dia mety tsy hatoky anao mora foana ohatry ny nataony teo aloha. Izay no fiantraikan'ny zavatra nataonao. Ny fiaikena sy fifonana dia tsy voatery hanavao toe-javatra eo no ho eo. Indraindray dia mila miaritra miaina ny vokatry ny nataonao ianao. Maka fotoana vao adino tanteraka ny ratra nateraky ny nataonao.

Lesona 3: Ireo dingan'ny famelan-keloka

Raha kely ny ratra nahazo anao dia mety ho mora aminao ny hanao ireo dingana. Fa raha mafy kokoa ny ratra dia mety haka fotoana bebe kokoa ny hanaovana an'ireo dingana ireo.

1. Ekeo fa tsy rariny ny nahazo anao
2. Ekeo koa fa misy fahatezerana ao aminao ary misy faniriana te handratra ilay olona koa
3. Angataho Andriamanitra hanampy anao hamela ilay olona
4. Misafidiana tsy hamaly faty
5. Avelao hiala ny faniriana handratra ilay olona
6. Omeo an'Andriamanitra ny andraikitra hitsara ny zava-nitranga
7. Angataho Andriamanitra hanala ny fangidiana sy ny alahelo ao anatinao.
8. Angataho Andriamanitra hanasitrana ny fanaintainana ary ny vokatry ny tsy rariny teo amin'ny fiainanao.

Fifanakalozan-kevitra anaty vondrona

- Inona amin'ireo dingan'ny famelan-keloka no sarotra aminao ny manatanteraka azy?
- Inona no azo hanampiana anao hanamora ny fanaovanao io dingana io?

Fampiharana ireo dingan'ny famelan-keloka

Misy zavatra iray ve tokony hamelanao heloka ny vadinao?

Raha tsy misy mahakasika ny vadinao dia mieritrereta olona iray hafa izay mety nanao tsy rariny taminao. Raha mbola tsy mahita olona dia mivavaha mangina ho an'ireo izay manao ny dingana.

Akipio ny masonao ary henoy sy eritrereto ireo dingana izay vakina mba ho tanterahina.

Lesona 4: Ireo fitenim-pitiavana dimy

Ireo fitenim-pitiavana dimy samihafa

Samihafa ny olona ary samihafa koa ny fomba handraisany fitiavana. Raha maneho fitiavana ianao amin'ny fomba tsy mifanaraka amin'ny mety hahatsapan'ny vadinao fitiavana dia sahala amin'ny miteny teny tsy azony ianao ary tsy hahatsapa an'izany fitiavana izany izy. Miezaka ianao miteny fa tsy azony izay tianao holazaina. Raha te hiresaka amin'ny vadintsika isika dia tokony amin'ny teny hahazoany azy. Tahaka izany koa amin'ny fitiavana, ilaintsika ny mianatra ny fitenim-pitiavany mba hahafahantsika maneho fitiavana aminy ka ho voarainy izany.

Misy karazany dimy ireo fitenim-pitiavana ireo: Vakio avy izany ary mieritrereta fomba 2 na 4 azonao ampiharina ao amin'ny fanambadianao.

1. **Fifanampiana** – Misy olona mahatsapa tiana rehefa misy zavatra ataontsika hanampiana azy. Mety ho zavatra tsotra sahala amin'ny fandaminan-trano izany, na fanasana vilia, na fanalana ahi-dratsy.
2. **Teny fampaherezana** – Misy olona mahatsapa tiana rehefa itenenana zavatra tsara mahakasika azy izy. Mety teny fampaherezana sahala amin'ny hoe “mahay mahandro ianao” na “tsara ny volonao” na “tena reny mahafinaritra ianao”. Mety ho teny fankasitrahana na fisaorana toy ny hoe “misaotra nahandro” na “misaotra niasa mafy mamatsy ny ankohonana”.
3. **Fanomezana** – Misy olona mahatsiaro tiana rehefa tolora zavatra. Tsy voatery ho zavatra lafo vidy izany, mety ho zavatra tsy vidiana akory aza. Mety tsotra sahala amin'ny voninkazo izay nalaina teny an-dalana hody na tonon-kalo nosoratanao ihany.
4. **Kasika** – Misy olona mahatsiaro tiana rehefa kasihina na fihinina. Sahala amin'ny fandraisana Tanana, famihinana na manafosafo ny volo.
5. **Mandany fotoana manokana** – Misy olona mahatsiaro tiana rehefa mandany fotoana manokana miaraka aminy ianao. Tsy hoe miaraka ao anaty efitra iray nefa samy manao ny asany fa tena fotoana iarahana ifampizarana. Mety hoe miaraka mandehandeha ary mizara izay zavatra niainana nandritra ny tontolo andro.

Ianao no mahita izay iray amin'ireo fiteny ireo hahatsapan'ny vadinao fitiavana bebe kokoa. Samy manana ny azy ny tsirairay. Anjarantsika ny mamantatra ny fomba entintsika maneho fitiavana mifanaraka amin'ny fomba handraisany ny vadintsika fitiavana bebe kokoa

Lesona 5: Ny Vehivavy sy ny ankizivavy

Vakio ireto fomba fisainana ireto ary mifanakaloza hevitra na manaiky na tsy mitovy hevitra amin'izany ianao. Lazao ny antony.

Fomba fisainana	Ekenao na tsy ekenao, nahoana?
"Ny ankizivavy dia vesatra ho an'ny ankohonana."	
"Ny vehivavy dia tsy tokony homena anjara tany na hahazo tany ho lova"	
"Mety ny mikapoka vady tsy Mankato"	
"Tokony ho hita fotsiny ny vehivavy fa tsy henoina."	

Misy fomba fisainana hafa ve matetika hita amin'ny fiaraha-monina misy anao mikasika ny vehivavy? Manomeza ohatra?

Vakio Gen 1:27-28.

Io andalan-tsoratra masina io dia milaza fa ny lahy sy vavy dia samy natao araka ny endrik'Andriamanitra.

Manaova lisitra ny amin'ireo toetra manambara fa ny vehivavy sy ny ankizivavy dia maneho amintsika ny endrik'Andriamanitra.

Fantantsika fa natao araka ny endrik'Andriamanitra n any lahy n any vavy. Mampalahelo anefa fa ny zavatra andrasana sy ny fomban'ny kolontsaina misy antsika dia tsy mifanaraka amin'ny sanda nomen'Andriamanitra ny vehivavy noho izy nohariany araka ny endriny.

- Inona no mety mitranga raha tsy manaraka ny lalanan'ny kolon-tsaina sy izay mety antenain'ny rehetra ny vehivavy?
- Ahoana no mety fihetsik'ireo fianakaviany aminy (vadiny, ray aman-dreniny, rafozany...)?

Lesona 5: Ireo fomba sy kolontsain'I Jesosy

Androany dia hijery ireo fomba fijery ny vehivavy tamin'ny andron'I Jesosy isika ary koa ny fomba fitondran'I Jesosy ny vehivavy. Nanao zavatra hafa miavaka amin'ny kolontsainy Jesosy ary isika koa dia afaka manao toy izany. Vakio ao amin'ny vondrona kely ity ary mifanakaloza hevitra mikasika ny fanontaniana ao amin'ny pejy manaraka.

Ny Kolontsain'I Jesosy:

Ny lalàna jiosy sy romana dia manome lanja kely dia kely ny vehivavy. Amin'izy ireo dia ambany noho ny lehilahy ny vehivavy.

- **Heverina ho toy ny fananana ny vehivavy.** Tsy manana fahaleovan-tena iziy ireo. Na fananan'ny rainy ao an-tranony izy na fananan'ny vadiny. Ny lehilahy jiosy aza tsy avela hiresaka amin'ny vehivavy rehetra eny an-dalam-be. Tsy isaina akory ny fisiany ary tsy heverina ho manan-danja amin'ny fivoriantan-dehibe.
- **Voafepetra ny vehivavy amin'ny fanompoany an'Andriamanitra.** Eo amin'ny kianjan'ny vehivavy ihany no azony aleha ao amin'ny tempoly. Tsy azon'izy ireo atao ny mifanerasera amin'ny tenin'Andriamanitra na miditra amin'ny sehatra ambonimbony amin'ny fanompoana an'Andriamanitra.
- **Ny vehivavy dia tsy avela hisitraka ny fanabeazana.** Satria any anaty synagoga no anomezana ireo karazana fanabeazana, noho izany dia tsy azon'ny vehivavy atrehina izany.
- **Tsy manana zo ara-dalana ny vehivavy.** Tsy afaka manana anjara tany izy ireo, tsy afaka mahazo lova na misaraka amin'ny vadiny. Tsy avela hijoro vavolombelona eny amin'ny fitsarana ny vehivavy raha tsy misy lehilahy manamarina ny fanambarana ataony.

Amin'ny ankapobeny, teo amin'ny kolontsaina niainan'i Jesosy, ny vehivavy dia tsy natao ho mendrika itokiana, tsy manan-tsaina kokoa ary tsy ara-panahy kokoa.

Ireo fomban'I Jesosy:

Ny toe-pon'I Jesosy manoloana ny vehivavy dia hafa mihitsy noho ny fomban'ny kolontsaina niainany. Mitovy ny fanajana sy hasina nomeny ny lehilahy sy ny vehivavy. Ny vehivavy tamon'izany andro izany dia tsy mbola nahalala lehilahy sahala amin'I Jesosy.

- **Jesosy dia nitondra ny vehivavy amim-panajana sy hasina lehibe.** Niresaka tamin'ny vehivavy teny an-dalam-be izy. Niresaka tamin'ilay vehivavy samaritana Jesosy, vehivavy sady vahiny no feno fahotana. (Jaona 4:7). Niresaka mivantana tamin'ilay vehivavy azo nijangajanga izy. (Jaona 8:1-11). Soso-kevitra ny reniny no nanombohany asa fanompoana (Jaona 2:1-11).
- **Nanao asa fanompoana tamin'ny vehivavy Jesosy ary nitondra azy ireo tsirairay sahala amin'ny olona manana ny hajany.** Nanatona ireo vehivavy sahala amin'ny olona rehetra manana ny hajany ary mendrika hahazo famonjena sahala amin'ny lehilahy Jesosy. Nataony tsinontsinona ny lalana nomena an'I Mosesy izay milaza fa tsy azo kasihina ny vehivavy mitsika rà (Marka 5:25-34). Nanasitrana vehivavy farofy nanjoko nandritra ny valo ambiny folo taona izy ary niantso azy hoe “zanak'I Abrahama” (Lio 13:10-17). Nanampy vehivavy kananita izy (Mat 15:22-28).
- **Nampianatra vehivavy izy.** Nandray tsara ireo fanontaniana sy fifanakalozan-kevitra avy amin'ny vehivavy izy. Nampita fahamarinana ara-panahy tamin'ny lehilahy sy vehivavy





Jesosy. Nampianatra an'i Maria izy, ilay rahavavin'i Marta (Lio 10: 38-42). Ny vehivavy no nahita voalohany ny fitsanganan'ny Tompo tamin'ny maty ary nasaina hanambara ny vaovao mahafaly tany amin'ny mpianatra (Jao 20:1-18). Betsaka ireo vehivavy no nandeha niaraka tamin'i Jesosy ary nanohana ny asa fanompoany (Lio 8:1-3) raha nampianatra ireo mpianany sy ny vahoaka izy.

Fanontaniana ifanakalozan-kevitra:

1. Ahoana no hamaritana ny fomba nitondrana ny vehivavy araka ny kolontsaina niainan'i Jesosy?
2. Nitondra ny vehivavy araka ny kolontsainy ve sa tsy sahala amin'izany Jesosy?
3. Misy itovizana ve ny kolontsaina misy anao sy ny nisy an'i Jesosy ny amin'ny fomba fitondrana ny vehivavy?
4. Inona avy ireo fahasamihafana hita amin'ny fomban'i Jesosy sy ny fomban'ny kolontsainy ny amin'ny fitondrana ny vehivavy?
5. Inona no heverinao mety ho fahatsapan'ny vehivavy raha nitondra azy araka ny fombany Jesosy?
6. Inona avy ny ohatra ny amin'ny fomba hitanao ataon'ny fiangonana araka ny kolontsaina misy antsika bebe kokoa noho ny fomban'i Jesosy?

Lesona 5: Ny fiaraha-monina misy antsika

Resaho miaraka ny sehatra tsirairay ary fenoy ny tabilao amin'ireo olana hitanao ao amin'ny fiaraha-monina misy anao mikasika ny fomba fitondrana ny vahivavy sy ny ankizy vavy. Milazà hevitra 1 na 2 mikasika ny sehatra tsirairay ny amin'izay tokony hataonao hitondrana ny vehivavy am-panajana sy hasina ary manan-danja.

Sehatra	Tsy fitoviana sy fampijaliana	Ny azontsika atao (Hevitra 1 na 2 isaky ny sehatra)
 Ankohonana		
 Fiangonana		
 Sekoly		
 Fiaraha-monina		

- Milazà zavatra roa hafa mihitsy azonao atao hanajanao ny vadinao sy ny zanakao vavy?
- Milazà zavatra roa hafa mihitsy azonao atao amin'ny fiaraha-monina misy anao hanajanao ny vehivavy sy ny ankizy vavy?

Zarao amin'ny hafa ny zavatra nanapahanao hevitra hatao. Mifampitondrà am-bavaka ary mangataha an'Andriamanitra hanampy hahatanterahan'io zavatra tiana hatao io.

Lesona 6: Manampy ny ankizy hitombo

“Zaro amin’izay lalana tokony halehany ny zaza, ka na rehefa antitra aza izy, dia tsy hiala amin’izany”.

Ohabolana 22:6

Mitombo ara-panahy

“Ary aoka ho ao am-ponao izao teny andidiako anao anio izao, dia ampianaro tsara ny zanakao izany, ary resaho, na mipetraka ao an-tranonao ianao, na mandeha any an-dalana, na mandry na mifoha.”

Deutoronomia 6:6-7

1. Fotoam-bavaka iarahan’ny ankohonana na famakiana Baiboly

Miezaha maka fotoana hamakiana Baiboly, hitantarana tantara anaty Baiboly amin’ny zanakareo. Ampio hahazo ny tantara izy ireo. Rehefa vita ny tantara na an-dalan-tsoratra masina, ametraho fanontaniana sahala amin’izao izy ireo: Inona no azontsika ianarana mikasika an’Andriamanitra ao anatin’izany tantara izany? Inona no toetra tokony hianarantsika?

2. Miara-mivavaka amin’ny zanatsika

Mila manokana fotoana isika hivavahana miaraka amin’ny zanatsika. Mifidiana fotoana mampalalaka antsika. Ataovy azo antoka fa mandany io fotoana io ianao hihainona ny mety ho olan’izy ireo ary hiara-mivavaka aminy. Raha mbola tena kely izy ireo dia mety holazainy anao izay tiany entina am-bavaka ary afaka manao vavaka fohy mikasika izany ianao. Ho an’izay efa lehibebe dia afaka manao vavaka manokana. Ampio izy ireo hahita ny fotoana hamalian’Andriamanitra ny vavaka nataony.

3. Mandania fotoana miaraka amin’ny ankizy

Miresaha foana mikasika an’Andriamanitra rehefa tafaraka ianareo. Mampianara azy ireo an’Andriamanitra. Raha mivoaka ianao ka mahita hazo maniry, dia azonao resahana ny fitiavan’Andriamanitra antsika nanomezany antsika hazo hanamboarana trano fialofana , hazo, sakafo ary nanao ny tany hitoerantsika hahafinaritra. Resaho ny amin’ny hoe an’I Jehovah ny tany sy izay rehetra ao aminy ary isika no nomena andraikitra hikarakara sy hitandrina azy. Mitadiava foana hevitra hanampianao ny zanakao hahita an’Andriamanitra.

Mitombo ara-tsaina

“Anaka, mihainoa ny ana-drinao, ary aza mahafofy ny lalàn-dreninao;” Ohab 1:8

1. Ampianaro ao an-trano ny zaza madinika

Miezaha manazava zavatra amin’izy ireny raha mbola tanora sy liana izy ireo. Ampianaro azy ny abidy sy ny isa, ny loko sy ny endrika (telozoro, efa-joro , boribory sns). Ampianaro hifidy ny zaza madinika, tsy maninona anefa izay fidiny. Ohatra: “Akanjo mena sa manga no tianao anaovana androany?” Makà fotoana hamaliana ny fanontaniana apetrak’izy ireo.

2. Alefaso any an-tsekoly ny ankizy amin’ny taona tokony handehanany any

Indraindray dia mila mihafy isika mba hahafahantsika mandefa ny zanatsika any am-pianarana, isan’ny maha zava-dehibe ny maha ray aman-dreny antsika izany. Amin’ny alàlan’ny fanabeazana no hanomezantsika fahafahana hanangana ny ho aviny. Tsy fantantsika ny planina omanin’Andriamanitra ho an’ireo zanatsika nefa tokony ataontsika azo antoka fa manana fahafahana hanomana ny ho aviny araka ny safidiny izy. Mety homanin’Andriamanitra hitondra fanovana lehibe eo amin’ny faritra misy anao ny zanakao. Matetika dia mila fanabeazana sy

fiofanana hahavitany izany izy. Ny fihafiana ataonao androany dia mety hahatonga ny zanakao afaka ho any amin'ny anjery manontolo ary hanampy ny ankohonanao any aoriana. Ho fanampin'ny fampitomboana ny fifandraisany amin'Andriamanitra, dia hanampy azy hanana fiainana tsaratsara kokoa ny fanabeazana. Ataovy azo antoka ny hahazoany ireo zavatra roa ireo.

Mitombo ara-pifandraisana

“tsy manao na inona na inona amin'ny fifampindaniana, na mandrany-tena foana fa amin'ny fanetren-tena dia aoka samy hanao ny namany ho mihoatra noho ny tenany.” Filipiana 2:3.

1. Ampianaro ny ankizy ny fomba tian'Andriamanitra hifandraisany amin'ny hafa.

Vakio ny andalana tsirairay. Inona no zava-dehibe ianarantsika amin'io an-dalan-tsoratra masina io ka tokony ampianarintsika ny zanatsika?

- Filip 2:3
- Kolos 3:13, 15
- Mat 5:44
- 1 Kor 13:4-5
- Mat 7:12

Ny Baiboly dia mampianatra antsika ny mahazava-dehibe ny fiainana am-pilaminana miaraka amin'ny hafa, ny fitiavana ny hafa, ny faharetana, ny fahatsaram-panahy, ny famelan-keloka, ary mitondra ny hafa tahaka ny itiavantsika itondrana antsika koa. Tsara ny miresaka an'izany dieny mbola kely ny ankizy ka eny am-pitomboana dia hiova ho azy ny fomba fifandraisany.

2. Aoka ho modely tsara ianao. Ny ankizy madinika dia mianatra ny fomba fiainana an-davan'andro amin'ny fakana tahaka ny hafa, indrindra ny ray aman-dreniny. Ny fomba ifandraisanao amin'ny hafa no modely ho an'ny zanakao isan'andro.

Hevero ny fomba fifandraisanao amin'ny hafa ary hevero koa ny fomba tian'Andriamanitra ifandraisanao amin'izy ireny araka izay ianarantsika ao amin'ny Baiboly.

- Inona avy ireo fomba fiainanao hitanao fa modely tsara ho an'ny zanakao?
- Sehatra manao ahoana no tianao hanampian'Andriamanitra anao hahatonga anao ho modely tsaratsara kokoa?

3. Ampio ny zanakao hatrika ireo fanamby mikasika ny fifandraisana eo am-pitomboany.

Matetika dia tsy milaza ireo olam-pifandraisany amin'ny olona hafa ny ankizy nefa dia manova ny fihetsiny ny fiatrehana io olona io. Mety ho tsikaritao ny fiakaran'ny hatezerana ao anatiny, fisian'ny herisetra na fahavitsian-teny hafahafa ary fitokatokanana. Ireo no fambara hamantarana fa manana olona ara-pifandraisana amin'olona hafa ny ankizy. Mila fanohanana sy fampaherezana ny ankizy hahafahany miteny na milaza ireo olona atrehiny sy ianarany ny fomba

tsara ifandraisany amin'ny hafa na dia nahatsiaro naratra na tezitra na nataon'ny hafa tsinontsinona aza izy. Ampio izy hizara izay zava-nitranga, ny fahatsapany ary ny fomba niatrehany izany. Io fomba fifanakalozan-kevitra io no ohatra tsara entina maneho fifandraisana feno fitiavana sy fanajana. Zava-dehibe ny anehoana izany raha mbola tena kely aza ny ankizy hafahafany matoky antsika ny amin'ny fahafahantsika manampy azy hatrika toe-javatra sahala amin'izany.

Inona avy ireo fomba hafa azonao hanampiana ny zanakao hianatra hieritreritra momba ny hafa, hitsimbina sy hitondra azy am-pitiavana sy fanajana.

Zava-dehibe ny fifandraisantsika amin'ny hafa. Ny fitiavan-tena dia toe-po mora tonga ao amin'ny olona nefa tsy ankasitran'Andriamanitra. Tiantika ny hampianatra ny zanatsika hahay hieritreritra tsara sy hitsinjo ny hafa bebe kokoa noho ny itiavany itondrany ny tenany. Io fomba io dia sady ampianarina no iainana mba ho modely halain'ny ankizy tahaka, izay no fomba hampianarana izany azy.

Mitombo ara-batana

- Inoa avy ireo fomba azontsika hanampiana ny zanatsika hitombo ara-batana?
- Inona avy ireo fihetsika ara-pahasalamana mahazatra ampianarinao ny zanakao?
- Ahoana no maha zava-dehibe izany hiarovana ny fahasalaman'ny zanakao?
- Inona avy amin'ireo fihetsika ara-pahasalamana ireo no ataonao na tsia? Inona no azonao atao ambonin'izany hikarakaranao ny fahasalaman'ireo zaza izay nomen'Andriamanitra anao?

Ireo zavatra rehetra ireo dia manampy ny zanatsika ho salama ara-batana

Fandinihana manokana

- Zavatra manao ahoana avy no efa ataonao hanampiana ny zanakao hitombo?
- Sehatra manao ahoana no tianao ifantohana bebe kokoa?
- Hevi-baovao manao ahoana no voarainao tamin'ny alalan'ity fampianarana ity mikasika ny fomba tokony hanampiana ny zanakao hitombo ara-batana araka ny tokony ho izy?

Lesona 7: Fomba entina mamaly ny resaka atao amin'ny ankizy

Matetika rehefa tezitra na malahelo isika dia mahavita manao zavatra mety anenenantsika. Izany dia vokatry ny tsy fahaizana matrika fihetseham-po mahery vaika. Mafy lavitra noho izany mahazo antsika lehibe izany ny mahazo ny ankizy.

“Tena tsy tiako ilay zazakely! Ratsy tarehy!”

“Mba adala koa ilay mpampianatra anay!”

“Notsongoiny aho! Tsy hira-hilalao amin'iny intsony aho!”

Matetika ny ankizy dia manana fihetseham-po mahery vaika nefa tsy dia hainy loatra ny matrika izany. Matetika koa dia tsy hain'ny ankizy ny milaza mazava izay zavatra tsapany. Satria tsy mazava aminy izany dia tsy hainy ny mampita izany amin'ny hafa. Vokatr'izany, ao anatin'ny fahasorenany dia maneho fihetsika tsy voahevitra izy na milaza zavatra tsy araka ny tokony ho izy. Rah ate hanampy ny ankizy hanana toetra tsara isika dia mila manampy azy ireo haneho ny fihetseham-pony.

Misy fomba maro samihafa entintsika mamaly ny ankizy rehefa maeho toetra ratsy izy ireo. Matetika dia tsy misaina izay mety ho fihetseham-pon'ny ankizy isika mialoha ny hitenenana aminy. Vokatr'izany dia tsy manampy ny ankizy hahafantatra ny fihetseham-po misy ao aminy isika ka toy ireto matetika ireto no avalintsika:

Atao toy ny tsy misy na tsinontsinona ny zava-mitranga: ‘Ndao e. Tsy maninona akory izany.’
‘Tsy fanahy inianao akory izy teo o.’

Valinteny ara-tsaina be fotsiny: ‘Aza mitaraina intsony fa tsy misy azo atao amin'izany’ ‘Aza misery adala eo, efa hainao tsara fa tsy maintsy mandeha mianatra ianao!’ ‘Raha te hanana asa tsara ianao dia tokony hianatra tsara.’

Manome soso-kevitra: ‘Mila miasa mafy ianao rah ate ho tafaraka amin'ny namanao raha tsy izany dia ho manirery eo.’ ‘Tokony hianatra heady ami'izany ianao.’

Mitsara: ‘Inona loatra zao zava-doza lazainao izao!’ ‘Tokony hisy zavatra nataonao taminy.’

Fanontaniana: ‘Fa inona ity nataonao ity?’ ‘Nahoanano miteny zava-dratsy sahala amin'izany ianao?’

Valin-teny miaro ny ankilany: ‘Izy anie mahafinaritra e.’ ‘Tsy fanahy iniany avy iny.’

Ny zaza ilazana an'ireo ve mihatony sa manova toetra matetika?

Fandinihana manokana:

Inona no heverinao ho valinteninao amin'ny ankizy milaza an'ireo ohatra samihafa ireo?

Heverinao ve fa hitovy amin'ireo voalazansika ireo ve ny valinteninao?

Lesona 7: Ireo fitsipiky ny fihainoana

“Ary ianareo Ray, aza mampahatezitra ny zanakareo, fa tezao amin’ny famaizana sy ny fananaran’ny Topo izy” Efes 6:4

Mihaino tsara

Ny fihainoana tsara ny ankizy iray dia manampy azy hamantatra tsara ny fihetseham-pony ary hanitsy izany ho amin’ny tsara toy izay hitarika azy hampiseho toetra ratsy. Manampy azy hamaha olana izany ary manome azy ireo fahafahana ilainy hahatonga azy ho olon-dehibe matotra tsara. Mahatonga azy hahazo aina ary hahay haneho toetra tsara. Iray amin’ireo fahaiza-manao manandanja lehibe entina manabe ankizy izany.

Raha mampahery ankizy hanala ny fihetseham-pony ratsy isika dia matetika vao mainka mampitombo ny fahasorenany izany.

“hitako fa tena tezitra ianao, mba lazao ahy ny zava-nitranga”

Fomba fihainoana sy famaliana ny fihetseham-pon’ny ankizy.

1. Mihaino ary mifantoka feno:

- Moramora kokoa amin’ny ankizy ny hisokatra amin’ny fitantarana ny ao anatiny raha manao zavatra maneho aminy ianao fa tena mihaino feno azy. Ohatra: avela ny penina sy ny taratasy eny an-tanana fa mitodika aminy ary mijery azy tsara, miala avy ao an-dakozia ary mamonjy fitoerana hihaino azy.
- Sarotra amin’ny ankizy ny miatrika samirery ny fihetseham-po mahery vaika ao anatiny. Raha tsy misy manampy azy dia hihamitombo ny vaikan’izany fihetseham-po izany ka lasa asehony amin’ny toe-po ratsy.

2. Manaiky ny fisian’ny fihetseham-pony:

- Mampiasa teny na fehezan-teny toy ny hoe: ‘Oh’ na ‘Mmm’ na ‘Hay’ na ‘Izay mihitsy’ na ‘Azoko izany’
- Mampiasa fihetsika tahaka ny mihatokato-doha, mijery mifanatrika, miketrana na maneho endrika malahelo eo am-pihainoana.
- Ampio izy tsy ho menatra ny amin’io fihetseham-pony io. Raha miaraka amin’ny ankizy dia tokony hanaiky ny fihetseham-po misy amin’izy ireo isika ary hanampy azy hiatrika sy hamaha izany mba tsy hanaovany toetra ratsy.

3. Manampy azy hahalala ny fihetseham-pony:

- Ampio izy amin’ny alalan’ny fampiasana ireo teny milaza fihetseham-po maneho ny fihetsika ataony. Ohatra: “Nahamenatra be angamba izany an?”
- Ny ankizy dia matetika tsy mahay milaza ny fahatsapany. Raha manao izany ianao dia manampy azy hahatsapa fa azonao ny fihetseham-pony ary ekenao ny fisian’izany. Mahatsiaro mahazo aina izy ary tony kokoa. Aza matahotra na dia misy fotoana diso fanao aza indraindray. Holazain’ny zanakao anao raha hitany fa tsy azonao izay tiany holazaina.

Inona avy ireo fihetseham-po na fahatsapana matetika mahazo ny ankizy?

Lesona 7: Ny Herin'ny teny ataontsika

An-dalan-tsoratra masina ifotorana

- Kol 3:21 sy Efes 6:4
Ny Baiboly dia milaza amintsika fa tsy tokony hanao izay mampahasosotra ny zanatsika isika fandrao hamoy fo izy ireo.
- Ohab 12:18
Ity an-dalan-tsoratra masina ity dia mampahatsiaro antsika ny amin'ny tokony hitandremantsika izay tena ataontsika mba ho fanasitranana fa tsy fanindronana.

Teny manindrona mandratra

Ny hoe teny manindrona na mandratra dia ireo teny izay tenenintsika ka mandratra ny hafa. Matetika dia tsy miomana ny hanao izany isika. Raha ny marina dia lazaina ireto zavatra ireto mba hampaherezana ny ankizy nefa dia lasa mandratra azy indray ilay izy. Raha tokony hanova ny ankizy hino izay nolazaina taminy dia lasa nanakisy sy tsy namporisika azy hihatsara toetra ny zavatra natao.

Ny teny mandratra indrindra dia mety voakilasy amin'ny iray amin'ireto sokajy ireto:

- **Teny lazaina an-katezerana sy am-pahasorenana**
 - Matetika, tsy dia iniansika loatra izay lazaintsika. Ohatra. "Tokony tsy teraka avy ianao!"
- **Anaran-dratsy omena ny ankizy**
 - Rehefa manao zavatra tsy tiantsika ny ankizy dia anaovantsika teny mikasika azy fa tsy ny zavatra nataony hoe. Oh. "Dondrona." na "Adala"
- **Fampitahana**
 - Mora sy haingana amintsika ny mampitaha ny ankizy amin'ny iray tam-po aminy. "Tsy mba sahala amin'ny rahalahinao ianao." na "Tsy maranin-tsaina toa ny rahavaviny na ny anabaviny izy."
- **manozona**
 - Lazaintsika azy ny zavatra hitranga amin'ny ho avy. Ohatra: "Tsy hahita asa mihitsy ianao." na "Ohatra an'ny dadatoanao ihany ianao. Ary ho ratsiratsy noho izy aza."
- **Mitantara ny fahalemeny amin'ny hafa**
 - Indraindray dia milaza ny fahalemen'ny zanatsika amin'ny olon-kafa isika ary ataontsika henony mihitsy aza. "Tsintahafa-panadinana indray ny zanako lahy e. Tsy mba manao ezaka mihitsy izy." na "Ity izany zanakovavy maditra izany!"

Araka ny mahazatra, ny teny mandratra ataontsika dia manatanteraka izay mifanohitra amin'ny antenaintsika hitranga amin'ilay ankizy. Ohatra: Tiansika hianatra bebe kokoa ny zanatsika nefa ny fandrenesany an'ireo teny mandratra lazaintsika dia mahatonga azy hino fa tsy misy zavatra hainy

atao ary tsy hiezaka akory izy. Ny teny mandratra dia manakana ny ankizy tsy ho tonga ho ilay olona nanomanan'Andriamanitra azy.

*“Ny famaliana mora dia mampitony fahatezerana mafy
fa ny teny maharary mahatonga fahasosorana.”*

Ohab 15:1

Fitsipika fototry ny fifandraisana miabo

1. **Hazavao amin'ny ankizy ny zavatra marina, raha vantany vao tafateny zavatra tsy marina ianao.**

Na dia tsy fanahy iniana aza ny nitenenanao azy. Hanampy azy hiala amin'ny fikorontanan-tsaina maharitra izany.

2. **Manaova azafady ary manaova fifandraisana miabo aorian'ny fitenenana teny mandratra tsy niniana na tan-katezerana.**

Ny fanaovana an'io dia hanome ohatra halain'ny zanakao tahaka ny amin'ny fanaovana azafady. Io koa dia hanome azy fotoana hahafahany mifona raha nanao zavatra nahatezitra na nahasorena anao izy. Ny ankizy dia hanaja anao bebe kokoa raha mahay mifona aminy ianao raha sendra diso ary hiezaka izy hanao izay mahafaly anao.

3. **Farito na hazavao ilay fihetsika na toetra nataony nahatezitra sy nandiso fanantenana anao toy izay manome anaran-dratsy azy.**

Ny fitenenana hoe “Mba tsy manjary koa ity zavatra nataonao ity!” dia tsy mandratra kokoa noho ny hoe, “Ianao ity dia tsy manjary mihitsy!”

4. **Aza ampitahaina amin'ny hafa mihitsy ny ankizy.**

Mahatonga ny ankizy hahatsiaro tena ho ambany ny fampitahana ary miteraka fahatezerana lalina anaty ka lasa hahatonga ny zanakao tsy hahazo aina.

5. **Mitenena foana zavatra miabo mikasika ny zanakao rehefa mbola afaka maheno anao izy.**

6. **Aza mampahafantatra ny zanakao amin'ny fampahalalana ny fahalemeny.**

Manomeza teny mampahery

Tokony hitady fahafahana manome teny fampaherezana ny zanatsika isika toy izay hanao teny mandratra. Mieritrereta zavatra dimy entinao mampahery ny zanakao tsirairay avy. Zavatra manokana mikasika azy tsirairay no tsara kokoa.

Ohatra: “Ankasitrahako mihitsy ny fanampiana ahy ato an-dakozia isaky ny avy any am-pianarana ianao. Mahafinaritra ny mandany fotoana miaraka aminao ary manamora kokoa ny asako izany.” (Io izao dia miavaka kokoa ary mivantana manokana amin'ny ankizy iray noho ny miteny fotsiny hoe “Mahafinaritra ianao.”)

Lesona 8: Fifehezana ny ankizy

Hevitra ho an'ny fifehezana mahomby

1. Ataovy azo antoka fa fantatry ny ankizy hoe tiantika izy na dia atao aza ny fifehezana azy.

- Tsy tokony hanafay ankizy rehefa ao anaty fahatezerana satria lasa mampianatra azy hikapoka sy hilelalela koa rehefa tezitra. Raha tezitra ianao dia ampiandraso eo amin'ny toerana iray aloha ny zanakao ka andraso hidina aloha ny hatezeranao mandra-pahavononanao hiresaka.
- Rehefa avy manafay ankizy dia tokony aseho azy ny fitiavana tsy misy fe-petra, azonao atao koa ny maneho teny fampaherezana toy ny hoe, "Inoako fa tsy ho diso safidy ianao amin'ny manaraka" na "Inoako fa hahay hitondra tena tsara ianao miaraka amin'ny rahalahinao". Ny fitiavana no famporisihana tsara kokoa noho ny tahotra. Manampy ny ankizy tsy hatahotra ny fahalalany fa mbola tiana foana izy.

2. Aoka ho hentitra (tsy miovaova) rehefa manao ny fifehezana

- Raha misy zavatra avelanao ataony nefa faizina izy raha manao an'iny indray amin'ny manaraka, dia hiteraka fikorontanana amin'ny fahafantarany izay tokony sy tsy tokony hataony izany. Hatahotra izy sao dia tsy hety foana ny zavatra ataony. Raha hentitra isika ary tsy miovaova dia fantatry ny ankizy izay marina na mety sy izay diso na tsy mety. Hahazo antoka izy mitsinjo azy ny ray aman-dreniny ary tia azy koa.
- Ny fampitahorana famaizana atao amin'ny ankizy noho ny toetra tsy mety nataony nefa tsy manampy azy hatrika ny vokany dia miteraka savorovoro ao antsainy fa tsy mahomby.

3. Ataovy azo antoka ny fahafantarany ny ankizy ny fahadisoana nataony.

- Anontanio azy raha fantany ny fahadisoany. Raha tsy fantany dia hazavao aminy milamin tsara.
- TANDREMO ny manafay na manao fifehezana na mikapoka nefa tsy milaza aminy ny fahadisoany.

4. Hazavao aminy ny toetra tsara andrasanao aminy.

- Indraindray dia tsy fantatry ny ankizy akory izay andrasana aminy. Ataovy mazava tsara amin'ny ankizy ny fetra tsy tokony hihoarany.
- Ataovy azo antoka fa azon'ny ankizy tsara ny zavatra andrasanao hataony amin'ny manaraka.

5. Ny endrika fifehezana na fanafaizana dia tokony hifanaraka amin'ny taonan'ny ankizy.

- Ny zaza (2 hatramin'ny 10 taona) dia afaka ahitsy amin'ny alàlan'ny fijery hentitra, kapoka am-body na apetraka ery an-joron-trano mandritra ny fotoana mifanaraka amin'ny taonany.
- Ny ankizy lehibe kokoa (11 ka hatramin'ny 18 taona) indray dia ny fanalana ny fahafahany manao zavatra iray na fangatahana azy handray andraikitra vokatra ny safidy na toetra nataony.

6. Ny hamafin'ny fifehezana dia tokony hitovy amin'ny hamafin'ny fahadisoana natao.

- Raha mafy loatra ilay tsy fahaizana miaina dia tokony ho araka izay koa ny famaizana atao. Raha tsy dia sarotra loatra izany dia tokony ho maivamaivana kokoa ny famaizana na fifehezana.
- Tsy araka ny tokony ho izy raha alana aminy mandritra ny iray volana ny fahafahany manao zavatra iray raha indray fotsiny ohatra izy no nanao ilay fahadisoana. Mifanaraka kokoa raha iray andro ny analana aminy ny fahafahany raha vao indray izy no nanao ilay fahadisoana. Raha mitohy anefa ny fanaovany ny fahadisoana dia ampitomboina araka izay ny fanalana ny fahafahany.

7. Raha azo atao dia mampiasa fomba fifehezana mifandraika amin'ilay fahadisoana natao.

- Ny tanjon'ity fifehezana ity dia ny hanampiana ny ankizy handray andraikitra hamerina amin'ny laoniny ny tsy mety nataony.
- Ohatra, Raha tia manampy an-dreniny manomana sakafo i Sarah likes, nefa masiaka amin'ny zandriny izay mba te hanampy koa; ny renin'i Sarah dia afaka miteny aminy fa tsy afaka hanampy azy intsony i Sarah mandra-panekeny fa afaka manampy koa ny zandriny. Na raha nandona latabatra i Petera ka very ny rano dia asaina manampy azy hanadio izany i Petera.

Lesona 8: Fomba samihafa entina manitsy sy mifehy ny ankizy

Ny zaza 2 hatramin'ny 10 taona dia azo asiana kapoka am-body ihany indraindray. Ny manao kapoka am-body dia tsy mitovy amin'ny manome totohondry na mamelaka. Rehefa manao kapoka am-body ianao dia andraso aloha rehefa tony ny fonao ary ento amin'ny toerana manokana izy. Hazavao aminy ny antony hikapohanao vao kapohinao ny vodiny. Aza manao izany eo imason'ny hafa. Hahamenatra azy izany ary hiteraka fangidiana ao anatiny. Aorian'io dia fihino izy mba ho azony antoka fa tiana izy. Ny kapoka am-body dia atao mba hanitsiana ary fitiavana no manosika hanao izany mba hihatsaran'ny fitondran-tena. Tsy tokony hisy fiantraikany amin'ny vatan'ny ankizy izany na vokatry ny hatezerana no hanaovana azy. Raha atao am-pahendrena dia manampy hialana amin'ny toetra ratsy ary mamporisika ny ankizy hankato sy hahazoa aina. Raha matetika mikapoka ankizy ianao dia mety hahamafy ny fony sy hahatonga azy ho mpikomy izany.

Ny fanitsiana ankizy dia tsy midika fikapohana azy fotsiny. Tsy ny fikapohana ihany no fitaovana entina manitsy ny ankizy ary tsy ny fikapohana ihany no hany fomba tokana entina manitsy ny ankizy. Misy fomba hafa ankoatry ny fikapohana ireto mety hahomby kokoa:

- ❑ **Omeo zavatra atao mety hanampy azy izy** fa tsy anehoana toetra ratsy
Indrindra ho an'ny ankizy madinika, afaka manova toetra tsy araka ny tokony ho izy sy mahasorena amin'ny alàlan'ny fampanaovana hetsika hafa sahala amin'ny manampy ny ray aman-dreny na ny iray tam-po na manao zavatra fantatra fa tiany atao. Mety tsara ny mampahafantatra ny ankizy ny tsy fankasitrahantsika ny toetra asehony
- ❑ **Maneho ny tsy fanekenao tanteraka ny zava-mitranga** (Nefa tsy mitsara ny toetrany).
Ohatra, ho an'ny ankizy madinika, ny fijerena maharitra na filazana tsy fankasitrahana mazava mikasika ny toe-pony dia mahomby satria mila fitiavana sy fanekena azy ny ankizy. Mifantoha amin'ny toetrany fa aza mandratra azy amin'ny teny. Mitenena zavatra sahala amin'ny hoe: “tena tsy tiako mihitsy rehefa (farito ilay toetra tsy mety).”
- ❑ **Manala ny fahafahany manao zavatra.** Ohatra, Azonao alàna amin'ilay zaza ny kilalao iray mandritra ny fotoana voafetra na tsy avela mijery fahita lavitra izy mandritra ny fotoana voafetra. Tadiofa fa ny fotoana hanaovana ny fanagiazana dia tokony hifanaraka amin'ny fahasarotan'ny toe-po tokony ovaina sy ny taonan'ny zaza.
- ❑ Asehoy ny ankizy ny fomba azony **andraisany andraikitra vokatry ny nataony.**
Ohatra, raha misy zavatra vaky na misy korontana (na tsy fanahy iniana aza izany) dia asaina averin'ny ankizy amin'ny toerany izany na diovin'ny izany dia hanampy ny ankizy hamaha olana izay nisy vokatry ny nataony. (Ohatra: Nadaboky Adama tamin'ny tany ny zandriny kely teny an-tokotany. Nasain'ny rainy nampiany mba hitsangana ny zandriny, nasainy nojereny sao maratra ary manao azafady amin'ny zandriny noho izany.)
- ❑ **Saraho amin'ny hafa ny ankizy**— “Fotoana manokana.”
Ohatra, afaka apetrakao amin'ny seza mitokana izy, amin'ny efitra iray na toerana mitokana hahafahany mandinika ny zavatra nataony ary ahoana no mahadiso izany. Manampy ny ankizy hitony koa izany mba hahafahany mifehy ny tenany indray. Makà minitra vitsy avy eo

miresaka amin'ilay zaza hahafahany mahafantatra ny zavatra nataony, nahoana no mahadiso izany ary mamantatra ny zavatra hafa mety hofidiany hatao amin'ny manaraka. Tadidio fa ny faharetan'ny minitra hanaovana izany dia mifanaraka amin'ny taonan'ilay zaza. Ohatra: ho an'ny zaza 6 taona dia atokana mandritra ny 6 minitra.

- ❑ **Omena safidy**– na haneho toetra tsara na hizaka ny vokany na mizaka ny tsy fahafahana manao zavatra.

Ny tanjona dia hanomezana ny ankizy safidy amin'ny fahamarinana na hizaka ny vokatra ny safidy ratsy ataony. Tsara raha mazava aminy ny vokatra hozakainy, zavatra azo tanterahina ary tsy hamono na nandratra azy fa zavatra mety tsy azony raisina na tsy tiany hitranga.

Ohatra: raha tsy miborosy ny ny ankizy dia azo omena safidy hoe miborosy nify amin'izao dia izao na tsy mahazo mihinana vatomamy mandritra ny tontolo andro. Mety amin'ny sokajin-taona rehetra izany.

- ❑ Avelao mba hiaina **ny vokatra ny toetrany** izy.

Ohatra, raha tsy mitandrana ny fananany ny ankizy, ny matetika mitranga dia tsy maharitra izany fa na simba na very. Ny voka-dratsy azo antoka fa mitranga oy izany dia mampianatra ny ankizy handray andraikitra. Azo ampiharina amin'ny ankizy lehibe kokoa izany.

Anjara Lalaovina

1. Mieritrereta toe-javatra nitranga niaraka tamin'ny zanakao raha sendra tsy nankato na naneho toetra ratsy izy ireo.
2. Mifidiana toe-javatra iray ary mieritrereta fomba hafa ankoatry ny kapoka hanitsiana ny ankizy. Manomana anjara lalaovina iray hampiharana ireo fomba vaovao amin'io toe-javatra io ihany.
3. Asehoy amin'ny vondrona rehetra ny anjara lalaovina.